VEHIVAVY TIM ANALAMANGA

Hamerina an-dRavalo eo amin'ny fitondràna no tanjony

Vory lanona ireo Vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM) faritra Analamanga ny sabotsy teo, tao amin'ny QG Bel'Air, nandritra ny fihaonana voalohany nataon'ireto farany ho fantatry ny vahoaka, fa misy izany Vehivavy TIM izany ary vonona hijoro. Teo ihany koa ny fampisehoana ireo birao hitantana vonjimaika ny faritra Analamanga, izay tarihan'ny filohany Rahelisoa Arphine ; ny sekretera jeneraly Noromalala Ramaholisoa, ny mpitambola, ny mpitantsoratra, sy ireo filoha lefitra miaraka aminy isaky ny distrika mandrafitra ny faritra Analamanga izay miisa 12, ary ireo mpiandraikitra ny serasera isaky ny boriborintany sy ny distrika. Tokana ny tanjona dia ny hanabe voho ny antoko Tiako i Madagasikara, indrindra ny andriamavilanitra ao anivon'ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity, ka hampiroborobo izany araka ny baikom-pitolomana fa hameloma-maso (redynamisation) ny antoko TIM manomboka izao. Ny lehibe indrindra amin'ny tanjona dia ny hametraka ny filoha Marc Ravalomanana hitantana indray ny firenena amin'ny fomba ara-dalàna. Nisy ny tolona nataon'ny vahoaka ny taona 2009 nanoherana ny fanonganampanjakàna sy nitakiana ny hiverenan'ny filoha Marc Ravalomanana eto an-tanindrazana. Vita amin'ny ampahany ny tolona, fa ny famerenana azy indray ho eo amin'ny fitondràna no mbola tsy vita, fa mbola andalana ny fa-

natanterahana izany amin'izao fotoana. Noho izany, hijoro ny vehivavy TIM, izay renim-pianakaviana mahatsapa ny fahasahiranana mianjady amin'ny tokantrano Malagasy ankehitriny. Hanao fitaratra ho an'ireo vehivavy manerana an'i Madagasikara ny TIM Analamanga amin'ny fanetsiketsehana ireo vehivavy marobe mangetaheta hiditra ao anatin'ny antoko, tsy manavaka rahateo koa izy ireo, fa vonona handray ireo vehivavy sy renim-pianakaviana rehetra te hanatevin-daharana.

Ny Valosoa

Birao mpitantana ny Tanora RMDM

Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy ny sabotsy teo

Nampahafantarina tamin' ny fomba ofisialy ny sabotsy teo, tetsy Bel'Air Ampandrana, ny birao mpitantana ny birao nasionalin'ny vovonamben' ny mpanohitra RMDM: Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, tarihan'ny filohany Frero. Nanome voninahitra ny fotoana tamin'izany ireo mpikambana ao amin'ny birao foiben'ny RMDM sady mpandrindra nasionalin'ny antoko TIM, Jean Claude Rakotonirina, ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro, ny mpikambana ao amin'ny birao foibe nasionalin'ity antoko ity, Julien Andriamorasata. Fantatra tamin'izany, fa saika vehivavy no maro an'isa ao anivon'ity birao nasionalin'ny Tanora RMDM ity, mandala ny miralenta ny ao anivon' ity vovonambe ity, hoy ny

Ny fampahafantarana ny birao mpitantana nasionalin'ny vovonambe Tanora RMDM, tetsy Bel'Air.

mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina. Notsindriany sy namafisin'izy ireo, fa raha ny rariny sy ny lôjika dia ny filoha Marc Ravalomanana, no tokony ho filohan'ny mpanohitra eto Madagasikara, tsy ekena hoy izy ireo ny familiviliana amin'ny alalan'ny nanaovana ny lalàna Brunel, milaza fa Parlemantera no ho filohan'ny mpanohitra.

Isambilo

Ben'ny tanànan'Ivato

Nizara pile mahasolo gel désinfectant an'ireo mpivarotra

Nidina mivantana nihaona tamin'ireo mpivarotra tao an-tsena teny Ivato, distrikan'Ambohidratrimo ary nizara pile mahasolo gel désinfectant, ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa sy ny ekipany.

Nazavaina tamin'ny mpivarotra sy mpiantsena, fa efa mananontanona ary ao amin'ny Nosy rahavavy ny valanaretina Variant Delta, izay mamono haingana, ka hisorohana izany indrindra hoy izy ny pile kely izay nampahafantariny.

Alona anaty rano tapaky

Ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa, nanentana amin'ny ady amin'ny valanaretina, tao amin'ny tsenan'Ivato.

ny litatra ny pile iray ary afafy amin'ny vatana sy ny volo hamono ny otrikaretina.

Efa pile ampiasaina any amin'ny tany mandroso toa an'i Chine izy io ary miaro tsara amin'ny valanaretina coronavirus, sy amin'ny valanaretina vaovao mahery vaika kokoa: Variant Delta.

Nankasitraka ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa, izay voafidy tamin' ny lisitry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ny mpivarotra sy ireo mpiantsena, zava-dehibe hoy izy ireo ny fijerena ny mponina akaiky amin'ny fahasalamany toy izao.

Niaina

Ny Valosoa sy fakafaka

Fiainana andavanandro

Hiha-mafy ny fahasemporan'ny vahoaka

Manomboka misoka indray ao anaty fidangan'ny vidim-piainana vaovao, fanampin'izay efa eo tsy zaka hatramin'izay ny sarambabem-bahoaka. Hatrany amin'ny sakafo madinika indrindra fanjifany eo amin'ny fiainana andavanandro no iharan'izany. Anisan'izany, ohatra, ny kafe entin'ireo mpivaro-mandeha, izay efa tsy mahazo intsony ny ariary zato. Iray amin'ireo mandrafitra ny fombam-piainan'ny maro andavanandro anefa io ary efa manana anjara toerany amin'ny hany mba vola eo am-pelatanany. Mazava loatra, tsy maintsy misy fiantraikany eo amin'ny fiainany izany, na eo amin'ny vola kely mba ananany, na eo amin'ny fiatrehany ny fivelomany. Mipàka hatrany amin'ireo sakafo sy entana tsy maintsy jifaina isanandro io fiakaram-bidy io amin'izao fotoana izao.

Manomboka efa faritan'ireo sekoly rehetra ankehitriny, ny andro hisokafan'ny fandraisana ny sarampisoratana anarana. Miara-dalana amin'izany, ny amin'izay kojakojam-pianarana toy ny fitaovam-pianarana ilaina mbamin'ny akanjo iraisana isaloran'ny mpianatra, enti-manavaka ihany koa ny sekoly. Mazava loatra fa tsy maintsy hisy ny fiakaran'ny vidinjavatra miditra amin'io volana aogositra io. Hitombo araka izany ny fahasahiranam-bahoaka, ary hanempotra azy ny sondrobidim-piainana.

Fanaovana tsinontsinona ny fiainam-bahoaka andavanandro, ny tsy fametrahana ho laharam-pahamehana alohan'ny sehatra hafa ny filàny andavanandro. Maneho tsy fahaiza-mitantana firenena mihitsy ny tsy fandanjalanjana izany amim-pahendrena. Nisy tomponandraiki-panjakana, niteny tsy am-piheverana no ilazana azy sy tsy am-pisainana lalina, fa ny fanaovana fotodrafitrasa no tena zavadehibe ary tsy nasiany teny na kely aza, mba tsy ilazana hoe tsy namakiany loha, ny momba ny sakafo fanjifan'ny vahoaka andavanandro izay tena manahirana azy tanteraka amin'izao fotoana izao. Tsy olana ho an'io niteny io mantsy ny manjo ny vahoaka amin'izany satria sakafo tsara voatra lafo vidy isan'andro no hohanin'izy mianakavy. Tsy mahatsapa no sady tsy mamaha ny fahasahiranam-bahoaka, fa zavatra hafa no mahamaika.

Hatreto dia tsy hita mihitsy izay ezaka hampitsaharana ny delestazy mpiseho isan'andro, izay tsy indray mandeha ihany, fa in-droa na in-telo mihitsy, manohintohina ny fiainam-bahoaka. Maneho ny tsy filaminana amin'ny fitantanam-pirenena izany, no sady midika ho tsy fahombiazan'izao fitondrana Rajoelina izao. Tsy araky ny fampanantenana be natao ny zava-misy iainam-bahoaka, roa taona sy fito volana nitondrana. Ny olona eo anivon'ny fitondrana sy ireo izay miara-dia aminy ihany no hany mahita tombontsoa sy fampandrosoana ny firenena. Mazava loatra, fa ireo dia tsy mivaky loha na minia mikimpy amin'ny fahasahiranam-bahoaka, ary manao vain-drahalahy tsy maharary.

Sôh'son

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy alefa amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao fanehoan-kevitra manaraka izao: tena mety tsy ho tafa intsony tokoa ve izany ny Malagasy? ppn miaka-bidy; Iles Eparses lasan'ny Frantsay; dahalo sy ny jiolahy manao ny ataony ; asa tsy misy; vary sy rano olana avokoa, sns...

Ny eran-tany no misedra crise, fa miezaka mitady solution hitsinjovany ny vahoaka ao aminy, ny eto ny vahoaka no mamerina ny volan'ny karana lany tamin'ny propagande, mba hisy hanjakan-jareo kokoa dia nakatona ny eto an-toerana, mba hampitomboana ny importation, izay ireo karana no tena manao izany fanafarana entana izany jiaby...

Izay nifidy azy aloha dia maneva hijinja izay nafafy e! Ankoatr'ireo angatra sy matoatao nofahazina hifidy... Raha resaka tsy fanarahan-dalàna ve , ity fitondrana ity no tena loza amin'atambo fanetriben'ny firenena, tia kitranoantranao ary feno fankahalana ve? Iza no tsy nahatanteraka izay nosoniavina momba ireny hadalana be sy fandrombana ireny? Ampahafirin'ny noravaina sy ny tokony honerana taminy ireny? Tambazotran-tserasera, Jirama, Telma, Ppn! Karana daholo no ao ambadik'ireo , inona no mampidina ny sandambola? Firy ny stock volamena ao amin'ny Bfm? Nankaiza daholo? Pffffff, ny kely saina sy ny marivo salosana no azo veriverezina.

Ludmilla Heritafika
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao